



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fiteavana - Tenindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-82

**TATITRA NATAON'NY FILANKEVITRA AMBONY MIARO NY
DEMOKRASIA SY NY FANJAKANA TAN-DALÀNA NA NY HCDD**

Fivoriana faha-28
Natao ny
Zoma 3 Jolay 2020
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany: - RASOLONJATOVO Honoré
- RABENIRINA Maminiana Solondraibe

FOTOANA: Zoma 3 Jolay 2020, tamin'ny 11 ora sy 40 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Tatitra nataon'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Fanjakana Tan-dalàna na ny HCDDDED.

Nitohy ny Zoma 3 Jolay 2020, tamin'ny 11 ora sy 40 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena; Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RABENIRINA Maminiana Solondraibe.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha, izay fivoriambe hihainoana ny tatitra ataon'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Fanjakana Tan-dalàna eto anoloan'ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, niangaviany hatrany ny Mpitantsoratra hamaky ny andininy faha-23 amin'ny lalàna laharana faha-2015-001 tamin'ny 12 Martsa 2015, mikasika ny fananganana ity Filankevitra Ambony ity. Mbola Andriamatoa RABENIRINA Maminiana Solondraibe hatrany no nanatontosa izany, ka toy izao no fivakiny.

Andininy faha-23: Ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Fanjakana Tan-dalàna dia manao tatitra isan-taona momba ny asa aman-draharaha vitany. Vakiana ampahibemaso mandritry ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena ary avoaka amin'ny gazetim-panjakana sy alefa any amin'ireo Lehiben'ny Andrimpanjakana ny dika mitovy amin'izany tatitra izany.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha, tamin'ny famakiana izay andinin-dalàna izay ary nomeny fitenenana ny mpikambana avy ao amin'ny HCDDDED hahafahany manao ny tatitry ny asa vitany. Nambaran-dRamatoa Filoha tamin'izany, fa tsara raha manao fampahafantarana ireo delegasiona tonga manatrika ny fivoriana mba ho fantatry ny Solombavambahoaka raha mety alohan'ny hanaovana tatitra.

Rehefa nandray fitenenana, Andriamatoa NAVONY Pierre Le Noble, Filohan'ny HCDDDED dia nanao fampahafantarana ireo Delegasiona niaraka taminy. Nambarany fa ny andininy faha-23 ao amian'ny lalàna laharana faha-2015-001 voalaza etsy ambony no milaza fa manao ny tatitra amin'ny Antenimierandoholona sy ny Antenimierampirenena izy ireo.

Mialohan'ny hanaovana tatitra, nampatsiahiviny tamin'ny mpivory ireo andininy ahitana ireo rijan-tenin-dalàna mifehy ny HCDDDED.

Nambarany fa ao amin'ny andininy faha-43 ao amin'ny Lalàmpanorenana no milaza ny fisian'ny HCDDDED. Misy ihany koa ny lalàna laharana faha-2015-001 tamin'ny 12 Febroary 2015 mikasika ny fananganana ny HCDDDED izay nolanian'ny Parlemantera. Misy ny Fanapahana avy tamin'ny HCC laharana faha-10 HCC/D3 tamin'ny 14 Febroary 2015 manamafy io lalàna laharana faha-2015-001 io. Misy koa ny "décret n°2015-925 du 9 Juin 2015 fixant la modalité et l'organisation des élections des membres». Ny «décret n°2018-256 du 23 Mars 2018» kosa manamafy ny fahalanian'ny olona voafidy tao amin'ny HCDDDED. Ny andininy faha-136.6 ao amin'ny Lalàmpanorenana indray dia milaza fa manana solotena any amin'ny HCJ ny HCDDDED.

Rehefa avy nitanisa ireo andinin-dalàna ireo, Andriamatoa NAVONY Pierre Le Noble, Filohan'ny HCDDDED dia niditra tamin'ny fanaovana ny tatitra.

Nambarany fa manara-maso, mandalina sy mampahafantatra ary manome ny heviny mikasika ny toe-draharaha misy eny anivon'ny fiaraha-monina no iraka ampanaovina ny HCDDDED araka ny lalàna hita etsy ambony. Ny andininy faha-4 amin'ny lalàna laharana faha-2015-001 dia milaza fa mampiroborobo sy miaro ny Demokrasia, miaro ny zo fototry ny olona tsirairay ny HCDDDED mba hisian'ny fanjakana tsara tantana. Napetraka ny HCDDDED mba hialana amin'ny fihoaram-pefy na fanararaotam-pahefana ataon'ny mpitondra; na avy amin'ny fanjakana izany na amin'ny sehatra tsy miankina. Araka ny Andininy faha-5 amin'io lalàna io ihany, afaka mandefa fitarainana any aminy ny olona rehetra ary tsy maintsy valian'ny HCDDDED an-tsoratra avokoa ireo fitarainana ireo.

Nambarany hatrany, fa miisa 297 ny fitarainana voarain'ny HCDDDED tamin'ny taona 2019 ka 7,37%, resaka tsy fanajana ny Demokrasia; 54,09% mikasika ny zon'olombelona ary ny 38,52% momba ny fanjakana tan-dalàna. Izay no firafitry ny fitarainana tonga any amin'ny biraon'ny HCDDDED tamin'ny taona iny.

Maro ihany koa ireo fitarainana mikasika ny fifanolanana eny anivon'ny fiaraha-monina; ka 61,11% tamin'izany, resaka ady tany; ny 4,16% resaka fifidianana; ny 8,33% fanaparam-pahefana; 8,33% vono olona sy fanolanana; 8,33% fandroahana tsy ara-drariny; 0,46% fitrandrahana harena an-kibon'ny tany tsy ara-dalàna; 0,92% ny olona ara-tokantrano ary ny 8,33% ambiny, tsy voasokajy tao anatin'ireo.

Toy izay ny asa ankapobeny nataon'ny HCDDDED tamin'ny taona iny.

Raha ny tetibola indray no jerena dia nahitana fihenana hatrany amin'ny 20% izany tamin'ity taona 2020 ity; lasa mitovy amin'ny akoho kely mifatotra amin'ny tady mahazaka ny HCDDDED noho izay antony izay ka mizaka ny tsy eran'ny aina; na izany aza, manana fikasana hanitatra ny trano efitra telo atao birao amin'izao ny rafitra misy anay satria ireo Mpanolotsaina Ambony mpiara-miasa aminay sy ireo rantsamangaika, tsy manana birao.

Ny taona 2019, niezaka nitety Faritra ny rafitra mba ahafahana mampahafantatra ny olona ny atao hoe Demokrasia, ny Fanjakana Tan-dalàna, ny Fampiroboroboana ny Zon'olombelona sy ny Fiarovana azy, ka tany Behenjy sy Mahajanga no nanatanterahana izany. Tsy afaka nanohy io fitetezam-paritra io intsony izahay tamin'ity taona 2020 ity noho ny hamehana ara-pahasalamana misy eto amin'ny firenena ary eo ihany koa ny fihenana'ny tetibola ampiasaina.

Mangataka fiaraha-miasa amin'ny Solombavambahoaka ihany koa izahay HCDDDED mba ahafahana mamerina ny lamina eny amin'ny fiaraha-monina. Maro ireo lalàna efa lany andro ka tokony hiarahana midinika satria manimba ny firenena izy ireny. Maro ihany koa ny vinavinan'ny rafitra any amin'ny Distrika rehetra any, ka mila tolo-tànana avy amin'ny Solombavambahoaka.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Filohan'ny HCDDDED, Ramatoa Filoha, tamin'ny tatitra natolony teo mikasika ny asa vitany nandritra iny taona 2019 iny.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny Solombavambahoaka ary nomarihany fa tokony hiompana amin'ny tatitra natao teo ny fandraisam-pitenenana.

Nanambara, Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina, raha nomena fitenenana, fa maro ny tsindry hazolena mitranga amin'izao fotoana izao kanefa betsaka ny vahoaka no tsy mahafantatra akory ny fisian'ny HCDDDED.

Nanontaniany koa raha misy vahaolana arosan'io rafitra io rehefa mitaraina any aminy ny vahoaka sa mijanona amin'ny fandraisana fitarainana ihany dia hatreo.

Fisaorana ny HCDDDED tamin'ny asa vitan'izy ireo no nataon'Andriamatoa DONOVAN Sidonie Jimmy Gertrude Johnny, rehefa nahazo fitenenana izy. Nambarany fa maro ny lalàna eto amin'ny firenena no tsy ampiarina. Betsaka ireo olona mahavita mamadika didim-pitsarana, ka manararaotra ireo olona tsy mahafantatra ny zo ananany. Inona no andraikitra raisin'ny HCDDDED mifanandrify amin'izany? Mahasahana ny asan'ny BIANCO ve ny HCDDDED? Nanontany ny fomba ahafahana mifandray amin'ny rafitra HCDDDED sy ny faharetan'ny fotoana ivalian'ny fitarainana ihany koa ny tenany, taorian'izay.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore kosa naneho fisaorana ny HCDDDED tamin'ny tatitra sy ny fampahafantarana ny asa sahanin'izy ireo.

Nambarany fa maro ny lalàna eto amin'ny firenena no mbola tsy ampiarina, ka inona no andraikity ny HCDDDED manoloana izany? Toy izany koa ny fanafoanana didim-pitsarana. Misy tsy ampiarina; misy ny ampiarina saingy diso ny fampiharana azy mba ahafahana manararaotra ireo olona tsy mahay mamaky teny sy manoratra, indrindra ny olona avy any ambanivohitra. Nanontany koa ny tenany raha manana solotena any amin'ny renivohi-paritany ny HCDDDED na tsia amin'ny fametrahana fitarainana. Raha tsy misy an'izany, ahoana no fomba ahafahana mifandray amin'ny HCDDDED ary hafiriana no mahazo valiny ny fitarainana apetraka?

Ny Solombavambahoaka PEPIN MICHOU kosa nilaza, fa manjaka ny tsindry hazolena any amin'ny Distrika Ankazoabo kanefa androany izy vao mahafantatra ny fisian'ity rafitra HCDDDED ity. Nangataka ny handalovan'ity rafitra ity any amin'ny Distrika nahavoafidy azy izy satria tena ilaina any ny rafitra toy ity HCDDDED ity.

Nanontany, Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime, raha nomena fitenenana fa mankany amin'ny "Domaine" ve ny HCDDDED manao fanaraha-maso momba ny olana misy amin'ny fananan-tany? Tsapa fa misy tany efa "titré" amin'ny olona iray kanefa mbola misy mahasahy maka sy miditra an-keriny ihany.

Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny, indray nanontany raha mandray fitarainana amin'ny lafiny rehetra ny HCDDDED. Efa nahazo fitarainana mikasika ny halatr'omby ihany koa ve; manana tetibola sahaza amin'ny fanapariahana ny rantsamangaikany ve ny rafitra? Nambarany fa tsy manana basy ny HCDDDED kanefa matetika olona ambony ao amin'ny fitondrana no manao kolikoly. Sao tokony havadika "OPJ" na "Officier de Police Judiciaire" ny HCDDDED amin'izay mba mitovy amin'ny mpiasan'ny "Douane" sy ny "BIANCO".

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny mpikambana avy ao amin'ny HCDDDED mba hamalin'izy ireo ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka teo.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa NAVONY Pierre Le Noble, Filohan'ny HCDDDED dia nilaza fa tsy fikambanana fotsiny ity rafitra ity, fa rafi-panjakana natsangana araka lalàna voalaza teo aloha, ka izay no antony ahafahany manolotra olona any amin'ny "Haute Cour de Justice" na ny HCJ, mahaleotena sy manana "budget autonome" ahafahany miasa ny rafitra. Araka ny andininy faha-118 ao amin'ny Lalàmpanorenana, afaka mandroso rijan-teny miendrika lalàna na fitsipika ary koa izay rehetra anton-javatra tafiditra amin'ny fahefan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana mba hohamarinina ny fifanarahany amin'ny Lalàmpanorenana ny HCDDDED, izay no maha rafi-panjakana azy.

Nambarany koa fa voaray avokoa izay fitarainana tonga any amin'izy ireo. Mahazo valiny an-tsoratra avokoa ireo olona nanao fitarainana. Ny fanaovana ny "analyse de cas" no mampiavaka ny rafitra amin'ireo rafi-panjakana hafa toy ny BIANCO.

Andriamatoa KOERA Ravelonarivo Natanaël, teknisiana avy ao amin'ny HCDDDED kosa nilaza fa efa midina ifotony mihitsy izy ireo, ka manodidina ny 300 isa ny antotan-taratasy fitarainana na "dossiers" voarain'izy ireo, telo ihany no hohazavaina amin'ny Solombavambahoaka eto.

Voalohany, ny "Dossier Mahasolo"; resaka ady tany.

Nanana tany tao Nosy-Be, Andriamatoa Mahasolo, saingy lasan'ny vazaha izany tamin'ny taona 1905 kanefa misy fasan-drazan'olona maro teo amboniny. Tamin'ny taona 1972 anefa, lasa tany ivelany avokoa ny vazaha noho ny "loi prescription acquisitive" nisy tamin'izany. Rehefa tonga ny taona 2008, niverina teto Madagasikara io vazaha io ka nitranga ny olana. Tsy tafavoaka ny "prescription de dossier Mahasolo" satria nisy "intervention" tsy nety tao amin'ny "Domaine". Tsy nisy niraharaha ny "dossier" fikarakarana ny tany nataon'Andriamatoa Mahasolo, kanefa vetivety dia nisoratra tamin'ny zanak'io vazaha io ny tany rehefa nokarakarainy ny taratasy momba izany. Nalefan'ny HCDDDED tany amin'ny BIANCO ny «Dossier Mahasolo» mba ahafahana mijery ny zava-nisy marina satria hatramin'ny zanak'i Mahasolo dia nogadraina raha nandeha tamin'io tany nampifanolana io. Nomarihiny koa, fa tafiditra amin'ny resaka Zon'olombelona na "Droit de l'Homme" ny fananan-tany, ka izay no nahatonga ny rafitra niditra lalina tamin'io olana io.

Faharoa, ny «Dossier Roseline» izay resaka halatr'omby.

Nisy omby nalain'ny Zandary tany Andilamena ary nentina tany Mampikony. Nisy olona nogadraina tamin'izany ary noheverina fa dahalo; ka anisan'izany ny lehiben'ny Dina. Nisy olona nilaza fa tompon'ireo omby halatra ireo nandeha tany amin'ny fitsarana, nojerena fotsiny izy ireo fa ny tena tompon'omby indray no nogadraina. Nandefa taratasy mikasika io

raharaha io tany amin'ny SEG sy Zandary ambany fahefany ny HCDDDED saingy tsy nisy valiny izany hatramin'izao fotoana itenenana izao. Nangataka tamin'ny fanjakana ny HCDDDED amin'ny tokony hanomezana onitra ny tompon'ny omby sy ireo olona hafa nogadraina kanefa tsy meloka akory.

Fahatelo, “Dossier Benambony” izay nahitana «exécution sommaire» na famonoana olona ankitsirano.

Nisy fitifirana olona nataon'ny Zandary tany Amparafaravola satria nolazainy fa dahalo ireo olona ireo. Tokony hotsaraina anefa aloha ny olona ahiana toy izany, fa tsy avy hatrany dia ampijaliana sy notifirina. Nanao fitoriana tany amin'ny “Procureur” tany Ambatondrazaka i Benambony noho ny fahafatesan'ireo olona ireo kanefa tsy nisy tohiny izany. Nalefan'ny HCDDDED tany amin'ny SEG ny raharaha sady nangataka ny hanenjehana ireo Zandary 9 lahy nahavanon-doza ny rafitra saingy tsy nisy tohiny koa hatramin'izao.

Nanambara Andriamatoa IMBIKI Anaclet, teknisiana avy amin'ity rafitra ity, fa nitarika fahantrana ho an'ny firenena ny kirizy maro nandalo teto amintsika. Ny tsy fanajana ny demokrasia no tena fototr'izany, toy ny tsy fanajana ny lalàna misy, ratsy ny fitantanana. Araka ny andininy faha-13 mifehy ny HCDDDED dia afaka mametraka fitarainana any aminy avokoa ireo olona mahatsapa fa voahilikilika ny zony noho ny resaka demokrasia. Mahazo mitory atỳ amin'ny HCDDDED ny olona rehefa tsy voahaja ny zony. Miady amin'ny fanaparam-pahefana atao'ny Andrimpanjakana ity rafitra ity ka afaka miditra izy rehefa tsy manao ny asany ny rafitra hafa, toy ny misahana fifidianana, momba ny ady tany. Izany hoe tsy mifangaro amin'ny BIANCO sy ny fitsarana ny asa ataony.

Nomarihany koa fa betsaka ny fitoriana olona ambony voaray, toy ny resaka fifidianana, fitoriana Minisitra, fitoriana “Avocat” sy ny sisa. Raisina daholo ireo rehetra ireo ary anaovana “recommandation”, avy eo alefa eny amin'ny BIANCO.

Izay no fanazavana tsotra natolony anaporifoana fa tsy mifangaro amin'ny rafi-panjakana hafa ny HCDDDED.

Ramatoa TSIAZONANGOLY Annick Irenée, teknisiana avy amin'ny HCDDDED kosa nilaza fa “recommandation” ihany no ataon'ny rafitra amin'ny fanara-maso ny Andrimpanjakana misy eto amintsika.

Mandray ny fitarainana na ny “dossier” izahay ary manao izay “recommandation” izay any amin'ireo Andrimpanjakana sady mampahafantatra ny “texte” tokony hampihariny miaraka amin'ireo fitarainana. Izany hoe: manambara aminy izay tokony harahina ho fanajana ny demokrasia sy ny mangarahara.

Afaka manara-maso ny asa ataon'ny BIANCO koa ny HCDDDED; ohatra manara-dalàna ve izy sa tsia rehefa manao zavatra iray. Anisan'ny mampiavaka ity rafitra ity izay.

Ramatoa RANDRIANARIVELO Herisoa, mbola teknisiana avy amin'ny HCDDDED kosa nilaza fa afaka mandray ny fitarainana eran'ny nosy izy ireo. Afaka midina any ifotony ihany koa, toy ny natao tany Mahajanga vao volana vitsy izay handraisana ny fitarainana any amin'ny faritra sy hijerena ny zava-misy marina; saingy noho ny fihiboana mitranga amin'izao valan'aretina “coronavirus” izao, mbola tsy afaka mandeha any amin'ny Faritany izahay fa eto an-toerana

ihany aloha. Manana “compétence nationale” ny rafitra raha izay no ilazana azy. Ny birao eny Soanierana no fandraisana ny fitarainana ataon’ny olona maniry hanao izany.

Araka ny voalaza teo, mangataka fiaraha-miasa aminareo mikasika ny hampiakarana ny tetibola entina miasa satria tsy ampy raha ny fahitana izany.

Andriamatoa TATAGERA Odilon, teknisiana avy amin’ny HCDDDED hatrany, raha nandray fitenenana dia nanamafy fa ao amin’ny “Bâtiment Analogue” eny Soanierana no misy ny biraon’ny HCDDDED; efa manomboka miara-miasa amin’ireo “Société Civile” sy ireo “associations” samihafa any amin’ny Distrika sy ny Faritra koa ny rafitra. Izy ireny no ametrahan’ny olona any fitarainana ary mbola izy ireo koa avy eo no mampita izany atỳ.

Andriamatoa KOERA Ravelonarivo Natanaël, indray nanamafy, fa tokony hampitoviana amin’ny zava-misy eto amin’ny firenena ny lalàna hapetraka; raha ny marina, efa tokony hanana ny toeran’ny OPJ izahay amin’izay voavaha ny olan’ny HCDDDED momba ireo fitarainana apetraka. Raha ny any “Rwanda” manokana, efa manana izay kalitao izay ny mpikambana mitovy aminay.

Mikasika ny “dossier 3” momba ny Benambony nolazaina teo ambony izao; tsy nomen’ny zandary ny “procès verbal” mikasika azy io, ka voatery tany amin’ny olona nanao “constat” ny HCDDDED no naka “information” satria ny “Procédure pénale” mihitsy no tsy mamela anay sy ny fianakavian’ny maty hijery ny “procès verbal” mikasika izany.

Raha any ivelany, azo alaina ny “procès verbal” momba ny zavatra niseho sady afaka manenjika eny amin’ny fitsarana ny rafitra tahaka ity misy anay ity. Araka ny voalaza teo aloha, manana kalitao ho OPJ ny mpikambana. Anisan’ny nampidina ny tahan’ny kolikoly ny fametrahana io kalitao io. Tsara raha mba apetraka eto amintsika koa izany.

Anisan’ny manakana ny “traitement de dossier” ny zavatra toy izany satria ny HCDDDED dia saika hitory an’ireo olona misandoka ho tompon’omby tao amin’ny “dossier 2”. Misy ny olona tena very omby, ireo mpisoloky indray no manery ny mpitandrofilaminana hoe: tokony hosoloin’ny tena tompon’ny omby ny fananany izay very. Noresahina tao amin’ny “dossier 2” izany ary nananana porofo ny tsy maha azy ny omby fa mpisoloky fotsiny izy ireo.

Raha nandravona ny voalazan’ny mpikambana rehetra teo, Andriamatoa Filohan’ny HCDDDED, nambarany fa manana fikasana ny hanangana rantsamangaika any amin’ny Distrika sy Faritra ny HCDDDED amin’izao fotoana izao, fa noho ny hakelezan’ny tetiboba entina miasa dia mbola tsy tanteraka izany.

Taorian’izay, nisy Solombavambahoaka nanao satroka ka nomen-dRamatoa Filoha fitenenana.

Nilaza Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina, fa tena ilain’ny vahoaka tokoa ny rafitra HCDDDED. Nambarany koa fa tsy mbola foana ny “prescription acquisitive” sy ny “Ordonnance n°74-02 tamin’ny taona 1974, milaza fa rehefa misy tany mirefy 1000m² izay tsy noraharahian’ny tompony fotoana maromaro dia miverina ho tanin’ny fanjakana izany. Taorian’izay, nanontaniany hoe: iza no tena miaro ny zon’ny olombelona; satria maro ireo “dossiers” tsy hita, manjavona ao amin’ny “Domaine”. Misy mpiasa mandrovitra “dossiers”

na ny "certificat de situation juridique" kanefa ireo no ilaina rehefa hikarakara momba ny tany.

Misy koa fikambanana maka vola amin'olona any ambanivohitra, koa mangataka fiaraha-miasa avy amin'ny HCDDDED ny Solombavambahoaka satria tsy hitan'izy ireo izay itarainana mikasika izany.

Andriamatoa FERNAND Jeannot kosa nilaza, fa manjaka ny resaka kolikoly amin'izao fotoana izao; tena mahomby tokoa ve ny HCDDDED manoloana izany satria maro ny olona tsy meloka kanefa gadrain'ny fitsarana. Izay manam-bola ihany no afaka madiodio fa ny tsy manana kosa, gadraina. Nanontaniany koa ny HCDDDED amin'ny fomba azon'ny Solombavambahoaka anampiana ity rafitra ity, satria tena ilaina ny fisiany.

Manjaka ny tsindry hazolena any ambanivohitra, hoy Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges raha nomena fitenenana. Mieritreritra izahay, hoy izy, hoe sao tokony ho foanana avokoa ireo mpiasam-panjakana amin'izao sady mamerina manao "recrutement" satria tena simba ny "déontologie" eto amin'ny firenentsika. Sao tsy hanao ny asany araka ny tokony ho izy koa ny HCDDDED?

Teo ampamaranany ny teniny, nambarany fa vonona handray ireo rantsamangaikan'ny HCDDDED ny Distrika misy azy.


Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, ny mpikambana ao amin'ny HCDDDED ny fitenenana raha mbola misy tiany hambara.

Fisaorana no natolotr'Andriamatoa NAVONY Pierre Le Noble, Filohan'ny HCDDDED ny Solombavambahoaka tamin'ireo resaka nifanaovana teto androany. Nambarany fa vonona ny hiara-hiasa amin'ny Solombavambahoaka ny rafitra tantanany ary afaka miantso azy ireo ny Solombavambahoaka na manatona mivantana ny birao eny Soanierana raha misy resaka na sosokevitra entina hanatsarana ny fomba fiasan'ity rafitra ity.

Rehefa izany, fisaorana sy firarian-tsoa amin'ny hahatontosan'izy ireo ny andraikiny no namaranan-dRamatoa Filoha ny teniny.

Talohan'ny hiatohan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, fa amin'ny 3 ora, tolak'andro, ny lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2020. Nanentana ny Solombavambahoaka rehetra mba ho tonga mavitrika amin'izany ny tenany.

Niato tamin'ny 1 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona